# ALAHADY BATEMIN'NY TOMPO TAONA A 2026




## I JESOA NATAO BATEMY:
## TANDINDON'NY BATEMINTSIKA

Ry Kristianina havana, androany isika no mankalaza ny Batemin'ny Tompo, amin'izao Alahady manaraka ny nisehoan'ny Tompo izao dia ny Epifania ary Alahady mamarana ny vanim-potoan'ny noely izay nandinihantsika sy nibanjinantsika an'i Jesoa eto anivontsika. Nivoaka ny Trinite masina izy, nirahin'Andriamanitra Ray ilay zanany lahitokana dia i Jesoa, tonga eto anivontsika izy, nitondra ny fiadanana sy fanantenana. Tsy hoe sarisarin'olombelona izy fa tena olombelona natera-behivavy, izay no nibanjinantsika ny Teny tonga nofo ary miara-dàlana amintsika izy mamakivaky izao taona vaovao izao sy ny taona manaraka rehetra ary ny taona teo aloha koa aza. Raha ny saintsika olombeloa tokoa dia tsy ho takatsika. Nefa araka ny voalazan'ny Teny Fanombohan'ny Evanjelin'I Md Joany : "Fa izay rehetra nandray azy dia nomeny fahazoana ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, ka tsy mba nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona ireo, fa naterak'Andriamanitra.". Tsy an-kandrina mihitsy no vokatry ny saina izany no ahafahantsika mandray an'I Jesoa fa finoana izay sady fanomezan'Andriamanitra no valy avy amintsika.

**Vakiteny I :** Iz. 42, 1-4.6-7
**Tononkira :** Salamo 28
**Vakiteny II :** Asa 10, 34-38
**Evanjely :** Mt. 3, 13-17

Mba ho latsa-paka ny finoantsika ary tsy finoana an-kadrina fotsiny fa finoana velona eo anivon'ny fiainana dia manao izao inaody izao isika : hahaizantsika "-hampitraotro ny finoana sy ny fiainana" satria raha mahay mandray an'i Jesoa tokoa isika, mampandroso Azy eo amin'ny fiainantsika dia izay no hitondra ny tena fiovana sy fanarenana andrandraintsika. Manentana antsika amin'izay fa hiova ny fiainantsika tsizarizary izay mitondra antsika

amin'ireny fifandraisana ravaravа sy potika ireny na ny fifandraisana amin'ny zava-boary na amintsika samy isika eo anivon'ny fiaraha-monina ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra.

Tsy Andriamanitra lavitra tokoa no Andriamanitsika fa Andriamanitra miara-dalana amintsika. Nanaiky nibaby ny rofintsika, ny fahotantsika izy tsy nanota. Izay no ambaran'ny Batemy ankalazaintsika. Ny nidinana tao Jordany. Miara-dalana amintsika izy ka I Masina Maria Reniny sady renintsika no nilaza tamin'ny Apostoly sy amintsika : ataovy izay rehetra lazainy aminareo… Io no azo lazaina ho teny filmatra ho an'izay mpanara-dia an'I Jesoa miatrika ny adim-piainana sy ny fakam-panahy izay mitady handrendrika antsika. Nanavotra ny fianakaviana saika ho afa-baraka tamin'ny fampakaram-bady lany divay ary indrindra io fiovan'ny rano ho divay io no voaloham-pamantarana hoy Joany ary nino ny mpianatra.

Avotra isika raha manaraka ny voalazan'I Masina Maria "ataovy izay lazainy aminareo", miteny amintsika tokoa i Jesoa, fenoy ireo siny ireo, izany no banjinintsika nandritra ny noely ka tohizantsika amin'izao isika mizotra amin'izao sinaody fijanonana faha-efatra izao, izay araka ny voalazantsika fampivondronana ireo fijanonana telo voalohany satria ny lohahevitra dinihintsika : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MANDRAY AN-TANANA.

Tsara ampahatsiahivina fa isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika dia tonga eo anivontsika I Jesoa. Izany no antony hamaranan'ny pretra ny vavaka eokaristika hoe : amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy izany hoe amin'ny alalan'i Jesoa sy miaraka amin'i Jesoa ary ao amin'i Jesoa no entintsika miaina ny maha kristianina antsika. Isika no Batemy dia mitafy an'I Kristy raha ny tena marina Iray Aina amin'I Kristy isika ka zary Kristy mpiara-belona amin'olona, izany no maha EOV antsika, ny maha misionera antsika. I Kristy no misionera voalohany , nivoaka ny Trinite masina izy, nirahin'ny Ray ka isika koa dia mivoaka amin'ny fiainana tsizarizary ka mitondra ny fahazavan'i Kristy dia zary Fahazavana ho an'ireo manodidina antsika.

Izao Alahady izao no mamarana ny noely, fisehoan'ny Tompo ny vanim-potoana ankalazaintsika nanomboka ny noely ka hatramin'izao. Fisehoan'Andriamanitra izay midika fanambaran'Andriamanitra ny famindram-pony ny noely, I Jesoa zazakely no miseho amintsika, na izy zazakely aza dia efa manambara ny sitrak'Andriamanitra amintsika, indrindra ho an'ireo mandray azy, fa ireo tsy mandray azy ka manakatona ny fony tahaka an'ireo tsy nandray ny fianakaviana masina tamin'izy teraka dia fantatsika ny vokany. I Heroda no modely faratampony amin'izany. Indrisy milaza miara-mahita isika fa mbola maro ny Heroda amin'izao. Rehefa mikatona ny fontsika dia ratsy ny ataontsika tahaka an'I Heroda izay namono ny zaza tsy manantsiny ary mbola mitohy izany amin'ny androntsika izao.

Fisehoan'I Jesoa koa ny Epifania, satria ny majy izay avy amin'ny firenena maro isan-karazany tonga nitsaoka an'I Jesoa, fanehoan'Andriamanitra ny famindram-pony amin'izao tontolo izao izany fisehoana izany.

Feno 30 taona I Jesoa araky ny famaritan'ny Soratra Masina, izy nanatona antsika teo anivon'ny vahoaka nanantona an'i Joany hanao batemy azy. Manambara koa izany fa tonga eto anivontsika izy hanantanteraka ny famindrampon'Andriamanitra, ny rano manambara aina, ny rano ampiasaina amin'ny batemy, io no anehoan'Andriamanitra fa hanome ny ainy, mahafoy ny ainy ho antsika ny Zanak'Andriamanitra, ka ny Fanahy masina ilay Olona Fahatelo amin'ny Trinite masina no midina eo amin'ny ranon'I Joridany manambara an'izany, ny lanitra misokatra, indro ny voromailala miseho ary indrindra amin'ny fahanginana no isehoan'ny Ray manambara ny fidinan'ny Fanahy Masina, mila famantarana isika, ambaran'ny evanjely *" nisy feo avy amin'ny rahona, inty ny zanako malalako izay ankasitrahiko indrindra"*, izany hoe ny batemin'I Jesoa manambara ny Trinite Masina, ary ny Trinite Masina mivoaka haneho ny famindrampony, haneho ny fitiavany eto anivontsika. Hitantsika ary tsapantsika amin'izany fa tsy ho takatry ny saintsika izany. Tsy ho azon'izao tontolo izao. Ny finoana kosa anefa no ahafahantsika mandray azy ampitiavana ary indrindra manova ny fiainantsika. Azontsika onogna ny antony anaovantsika izao Sinaody izao ary indrindra mahalava azy satria tiantsika hahita ireo tondro sy refy ary tetika entina hivelona ny finoana, hahatonga antsika hahay hampitraotro ny finoana sy ny fiainana andavanandro...

Mampahatsiaro antsika izany araky ny lazaintsika tamin'ny noely fa takalo tsy takatry ny saina ny takalo tamin'ny noely satria Andriamanitra nidina, azo lazaina fa very tombotsoa izy, ho an'ny tia tahaka an'Andriamanitra dia ny fitiavana tsy misy takalo, tsy misy tombony fa fahafoizana mandrakariva ary mitondra amin'ny fiombonana. Io matetika no tsy misy amin'ny fiainantsika satria ny fitiavan-tena no manjaka. Tonga zanak'Andriamanitra isika izany no vokatry ny batemy. Tahaka an'I Trinité Masina nivoaka, isika izay vita batemy dia tsy maintsy mivoaka ka zary misionera, Tabernakla velona, Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy fiadanana, hafaliana, fihavanana. Izany no asongadintsika amin'izao Sinaody na ireo fijanonana telo voalohany na izao fijanonana fahaefatra izao. Izany no ezaka sy ny vokatra andrasana amin'izao Sinaody izao : Mivoaka amin'ny fiainana tsizarizary nanapotika ny fifandraisana fototra telo ka manavao azy dia ny fifandraisana amin'ny zava-boary, amin'ny mpiara-belona, amin'Andriamanitra. Tsy maintsy ho EOV misionera mitondra an'i Jesoa eo anivon'izao tontolo izao isika ary ambaran'I Joany batista ilay nanao batemy ny toe-panahy tsy maintsy ananantsika dia Isika mihena ary I Jesoa mitombo. Mila fanetren-tena, indrindra ny fahatsorana. Izany no hahafahantsika mivelona izao Sinaody izao ka hahatonga antsika ho Tabernakla velona. Araka ny averimberintsika raha tiantsika hanana finoana velona dia tsy maintsy MAHAFOY, MANOMPO, MIVAVAKA. Mibaribary ireo tolagna ireo amin'izao batemin'I Jesoa izao : Izy ilay olona faharoa amin'ny Trinite Masina nahafoy izay maha-Andriamanitra azy izay ka nidina eto anivontsika, zary mpanompo ary ny fanambaran'ny Ray no vavaka mampiombona : Henoy izy .

Izany no dikan'ny batemy ary mahatonga antsika manolo-tena amin'ny eokaristia satria eo no mampiombona antsika amin'Andriamanitra. koa isika irahina eo amin'izao tontolo izao.

Rehefa vita batemy I Jesoa nisokatra ny lanitra, rehefa miombona amin'Andriamanitra isika dia misokatra ny fontsika ary miroso lalindalina hatrany amin'ny maha zanak'Andriamanitra isika.

Izany rehetra izany no antintranterin'ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady voalohany mandavantaona idirantsika hamakivaky an'ity taonan'ny Sinaody fijanonana faha efatra ity. Araka ny voalazantsika, ny batemin'I Jesoa mahatonga antsika hahatsiaro ny batemintsika. Fanontaniana tsara apetraka nataontsika inona ny batemintsika?

Raha mahatsiaro ny batemintsika isika ka niainantsika marina tokoa miroso amin'ny hoe VITA BATEMY AHO KA IRAHINA.

Izao batemin'I Jesoa izao no Alahady voalohan'ny mandavantaona satria handeha isika hamakivaky an'io taona io ka EOV vita batemy hirahina isika, araka ny lohahevitry ny Sinaody : EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Io fiombonana tsy mikombona fa mivelatra zary iraka io no ambaran'ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'Izaia mpaminany, izay efa manambara sahady ny fanirahana an'I Jesoa eo anivon'izao tontolo izao hizara ny famindrampon'Andriamanitra *" Indro ny mpanompoko izay tantanako; ilay voafidiko ka sitraky ny foko; napetrako ao aminy ny fanahiko; hamoaka fahamarinana ho an'ny firenena izy. Tsy hiantso mafy izy na hanandra-peo, na hanao izay handrenesana ny feony eny an-dalam-be. Ny volotara efa poritra tsy hotapahiny; ny lahin-jiro efa ho faty, tsy hovonoiny. Hanambara ny rariny, araka ny marina izy; tsy ho ketraka izy na ho kivy akory, mandrapanoriny ny rariny amin'ny tany; ary ny nosy hiandry ny lalàny"*

Izany ny misionera, izany no tanterahin'I Jesoa ary tsy maintsy ho tanterahintsika sy hivelomantsika eo anivon'izao tontolo izao fa indrindra raha miezaka isika hivelona izao Sinaody faha 7 izao ho TABERNKALA VELONA izany hoe ho mpanompo manambara mitondra ny vaovao mahafaly, mitondra ny fahamarinan'Andriamanitra, mitondra ny rariny sy ny hitsiny eo anivon'izao tontolo, miaro ny tontolo iainana. Vokatr'izany dia mamafy fiadanana sy fanantenana eo anivon'izao tontolo izao izay rotorototry ny zavatra maro tsizarizary vokatry ny fahotana na ny tontolo iainantsika izany na ny tontolom-piainantsika, na ny tontolom-pinoantsika, izany no mbola anentanana antsika ry Kristianina havana, hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ary vonona mandrakariva amin'ny fambolen-kazo. Samia mahita izay fotoana tena tsara ary tsy andro fotsiny fa araka ny voalazantsika tamin'ny sinaody : FIOVAM-PENITRA MAHERY VAIKA : CHANGEMENT RADICAL DE COMPORTEMENT ka sady miaro isika no mikolokolo no mamboly… mivelona indray ny vôkasiontsika raha noharian'Andriamanitra isika hiandry ny sahan'Edena dia tsy inona fa hiandry ity Tranobe Iombonana ity ho taranaka fara-mandimby fa tsy fiarovana tanindrazana fa famelomana ny taranaka ho avy. Raha misy vanim-potoana mila izany rehetra izany dia izao isika eto amin'ny firenena miroso amin'izao fanavaozana izao, amin'izao fihavaozana,

amin'izao fanarenana eny amin'ny fototra izao. Noho izany manana adidy manokana isika Kristianina manana an'I Jesoa Lalana sy fahamarinana ary fiainana. Mila antsika ny firenena…

Ny Batemy, ny maha Kristianina antsika dia isika voairaka ho eo anivon'izao tontolo izao, tsy anisan'izao tontolo izao isika na dia eo anivon'izao tontolo izao, antintraterin'ny vakiteny faharoa izany " *feno Fanahy Masina izy rehetra ka afaka nandray ny hafatr'Andriamanitra, tsy nisy intsony ny fanavakavahana fa zanak'Andriamanitra izy rehetra*."

Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra, izany no anirahana antsika ho eo amin'izao tontolo izao mba ho EOV ka hanorina ny ETA tranoben'Andriamanitra mampiombona antsika izay tsy maintsy arovantsika sy kolokolointsika sy hatsaraina, ny tranoben'Andriamanitra dia ilay toerana ho antsika rehetra, manorina an'izany isika ka zary taranaka mpanorina. Izany no voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly amin'ny vakiteny faharoa androany. "*Hitako marina tokoa fa tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra; fa izay matahotra Azy sy manao ny marina, dia ankasitrahiny na aiza na aiza firenena misy azy.*" Inona moa no ambarany ny hoe : "manao ny marina sy matahotra an'Andriamanitra?" Ny dikany dia isika miaro ny tontolo iainana fa tsy manapotika na manilikilika ny hafa… Programam-piainana vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika izany

Ry Kristianina hiroso lalindalina isika, hiditra amin'ny mandavantaona isika, Ady sady Dia, ady hialana amin'ny ratsy. Tandremo sao diso ady atrehina. Ny ratsy no iadiana fa tsy ny olona. Torak'izany koa tandremo diso lalana fa maro ny déviation mety hamitaka eny an-dalana. Aoka i Jesoa no arahina dia hiroso amin'ny lalana tsara izao taona vaovao izao ka ny Fanahy masina hanentana antsika mandrakariva amin'ny ataontsika rehetra, ka ho ambininy isika amin'ny ataontsika amin'ny fiainana andavanandro, ka enga anie Andriamanitra izay mampibaribary amintsika ny fitiavany ka mahatonga antsika zanak'Andriamanitra izay hanehoany ny famindram-pony hahatonga antsika ho tahaka an'I Jesoa izay nandray ny batemy, nirahina hitory ny tenin'Andriamanitra, ka isika koa noho ny batemy noraisintsika, hiroso sy hivelona bebe kokoa ny batemintsika.

Ry Jesoa Tompo, ianao no tonga olombelona, natao batemy tao amin'ny ranon'I Joridany, ianao no mpanala ny fahotan'izao tontolo izao, ianao izay tsy nanota nanaiky ho fahotana mba hanafaka anay amin'ny fahotana, mihanta aminao izahay, ampio izahay hazoto hiaina ny teninao, handray ireo manodidina anay sy hanaja ny zava-boary ary hivelona ny sitrak'Andriamanitra eo amin'ireo manodidina anay ka ho zary EOV, misionera tokoa izahay hanorina ETA ho taranaka mpanorina. Masina Maria nitantana an'ireo Apostoly ianao hahafantatra ny adidy miandry azy ka nampianarinao hanao izay lazain'I Jesoa. Ampianaro koa izahay hanao izay lazain'I Jesoa anay ka hameno ny sajoa saota dia ny fiainana ka hiroso hiaro ny tontolo iainana. Md Josefa manomboka ity taona mivavahà ho anay mba ho vonona hanao ny sitrak'Andriamanitra izahay. Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson